# Mofonaina 10 Septambra 2024 – 1 Jao 5:4-5

Mofonaina 10 Septambra 2024

**1 Jn 5.4-5**

## 1 – Ny Boky

1.1 **Fandraisan'anjaran'ny tsirairay:**

- **Toko? Ny andininy tadidy? Taona:** 80-110 T.K.

1.2 **Fanampiny:**

- Mariho ny andininy voalohany sy ny andininy farany ampitahaina amin'ireo roa hafa.
- Mpanoratra dia Jaona Apostoly: raiamandreny feno fitiavana sy entitra (miverina matetika ny hoe "Anaka" sy ny hoe "Ry malala", ary manamarika azy ny fitodihany amin'ny sokajin'olona rehetra ao amin'ny Toko faha-2).
- Nanoratana dia ny fiangonana rehetra amin'ny toerana tsy voafetra sy ny fotoana tsy misy famaritana.
- Misy antony no nanoratana: ianohan'ny hoe "mba" (1 Jn 1.4 sy 1 Jn 5.13).
- **Hevitra telo misongadina:**
  - Fahazavana
  - Fitiavana
  - Fiainana

  Ankoatra ireo dia lehibe ny fampianarana mikasika ny firaisana amin'i Kristy sy ny firaisan'ny fiangonana.

- Fiainana mandrakizay isitrahana dieny ety an-tany (1 Jn 5.11-12).

**Drafitry ny Boky:**

1. **1 Jn 1.1-4:** Fampidirana – Maneho ny tanjon'ny epistily "Jesoa no loharanon'ny fiainana sy fahatanterahana".
2. **1 Jn 1.5-2.37:** Fiainana ao amin'ny mazava.
3. **1 Jn 2.18-29:** Ny anti-Kristy.
4. **1 Jn 3.1-24:** Ny zanak'Andriamanitra marina.
5. **1 Jn 4.1-6:** Ny marina sy ny fiviliana.
6. **1 Jn 4.7-21:** Ny fitiavana marina.
7. **1 Jn 5.1-21:** Ny finoana mandresy sy famerenana ireo foto-kevitra teo aloha (Ny Finoana sy ny Fiainana mandrakizay).

---

## 2 – Famaritana ny Teksta

Ao amin'ny fizarana farany no misy ny anjara mofon'ainantsika. Ny 1 Jn 5.1-12 indrindra no milaza ny finoana mitondra antsika ho amin'ny fandresena izao tontolo izao.

**NB:** Ny hevitry ny hoe "izao tontolo izao" (KOSMOS) dia ilazana rafitra sy fandaminana. Misy dikany maro izy araka ny zava-misy manodidina ny teksta. Eto, ny heviny dia milaza rafitra voazanaky ny fahotana sy ny fanoherana an'Andriamanitra (rafitra matanjaka sy mahery).

---

## 3 – Ireo Hevitra Manan-danja Azo Avoaka avy amin'ny Teksta

3.1 **Fanamafisana ny fahaterahana indray** (Jn 1.12).
3.2 **Finoana no loharanon'ny fandresena** (fandravana ilay rafitra matanjaka).
3.3 **Ny fanekena ny maha-Zanak'Andriamanitra an'i Jesoa no miteraka famonjena, ka hitondrany fandresena sy fanafahana ho antsika.**
3.4 **Ety an-tanim-piadiana isika mpino ary mafy ny ady, saingy**

**azo antoka ny fandresena.**
3.5 **Tsy herim-batana, tsy herin-tsaina, na hery ara-toekarena no handresena, fa ny finoana.**
3.6 **Tsy mora ny miatrika an'izao tontolo izao.**

---

## 4 – Fampiharana Extra: Aoka

4.1 **Aoka havaozina isan'andro ny fandraisana an'i Jesoa** mba ho vaovao isaky ny andro ianao miatrika an'ity izao tontolo izao ity.
4.2 **Aoka hatoky isika fa azo ravaina tsara ny Kosmos** (rindran-damin'ny devoly eto amin'ity tany ity)**.**
4.3 **Aoka ho fantatsika fa efa vita ny fandresena**, ny anjarantsika dia ny miady. Aza misalasala fa manana fahasahiana eo anatrehan'izao tontolo izao. Vavolombelona (miaramila miady) fa tsy miaro tena fotsiny.
4.4 **Aoka hanaiky isika fa ny finoana an'i Jesoa Kristy no handresena ny hevi-diso sy ny fanao tsy mety.**